# TAMBINTENY SY MPANAMPY

-

## Fandinihana

**Te** hijery sinema Ratovo.
**Mila** ho voan'ny fakam-panahy izy.
Mitoto ny vary **rehetra** ny ankizy.
Mitsahatra **ihany** ny orana

- ⇨ Tsy azo atao EM, L, RF
- ⇨ Manova ny hevitry ny teny faritany sy ny fehezanteny izy.
- ⇨ Mipetraka eo aloha na ao aorian'ny teny faritany.

## Tambin-teny

### Famaritana

Ny atao hoe tambinteny dia teny hafa ankoatry ny EM, L, RF ka tsy afaka mandeha irery fa mameno sy manova ny hevitry ny teny ao aoriana. Mipetraka mandrakariva aorian'ny teny faritany izy.

-

Oh: Aleo vandana **imaso** toy izay vandana **ivoho**

### Karazany

Misy karazany roa ny tambinteny:

**Ny tambinteny tsotra na tena tambinteny**

Ireto avy no fahita matetika :

**Ihany, mihitsy, angamba, tokoa, etoana, fotsiny, imaso, ivoho, foana, matetika, loatra, intsony …. sns**

**Oh:** Tonga ihany ny fanampiana.

Tsara tokoa ireo sakafo tonga.

Faly mihitsy ny vahoaka mahita ireo fanomezana.

### Tambinteny mety miendrika mpamari-toetra

Ireto avy no fahita matetika:

**velona, mafy, tsara, … sns**

**Oh** : Kamo velona izy.

**EM Tambinteny L**

Mitsoka mafy ny rivotra

**EM Tambinteny L**

# Mpanampy

## Famaritana:

Ny atao hoe mpanampy dia teny hafa ankoatran'ny EM, L, RF ka tsy afaka man irery fa mameno ny hevitry ny teny eo akaikiny. Mipetraka eo alohan'ny teny fari mandrakariva izy.

## Karazany

- Misy karazany roa izy raha jerena amin'ny lafiny anjara asa:
  - Mpanampy EM
  - Mpanampy L
- Mbola azo zaraina roa koa izy amin'ny lafiny filaza:
  - Mpanampy filaza tsotra
  - Mpanampy filaza mandidy
- Mbola azo zaraina telo koa izy raha jerena amin'ny filazam-potoana eo an teny faritany:
  - Mpanampy mialoha ny ho avy
  - Mpanampy mialoha ny ankehitriny sy ny lasa
  - Mpanampy miaraka amin'ny filazam-potoana rehetra.

a) **Ny mpanampy entimilaza**: Apetraka eo alohan'ny EM.

Ireto avy no fahita matetika fa saingy mety ho anarana iombonana koa izy: **fa, te, ta, tokony, mbola, tena, olona, ankizy …** sns

Oh: **Olona** tia vaky boky izy.

Mpanampy EM L

**Lehilahy** mavitrika Rakoto.

Mpanampy EM L

**b) Ny mpanampy lazaina** : Roa ihany ny mpanampy L:

ireo avy: **avokoa, daholo (jiaby, aby, … ho an'ny fitenim-paritra)**

Oh : Ianaranay **avokoa** ny asosorany.

EM TV Mpanampy L

Tonga **daholo** izahay androany.

EM TV Mpanampy L

**d) Ny mpanampy filaza tsotra:**

**Samy, tsy,…**

***Oh*** : **Tsy** avy ny orana.

Mpanampy

**Samy** miezaka ny tsirairay.

Mpanampy

**e) Ny mpanampy filaza mandidy:**

**Aza, mba, samia, …**

**Oh** : **Aza** maditra ianao.

Mpanampy

**Mba** mianatra tsara.

Mpanampy

**Samia** mihaino tsara.

Mpanampy

**f) Mpanampy mialoha ny ho avy**

**Te, ta, tokony, mila, ila, madiva, diva, andeha, andao, mety, aoka, …**

**Oh :** **Tokony** hianatra isika.

Mpanampy

**Mety** ho avy ny ora.

Mpanampy

**g) Mpanampy mialoha ny ankehitriny sy ny lasa:**

**Sendra, avy, azo, lasa, tonga,…**

Oh : **Avy** natory ny ankizy kely.

Mpanampy

**Lasa** adala ilay olona.

Mpanampy

**h) Mpanampy miaraka amin'ny filazam-potoana rehetra:**

**efa ; aho ; saika ; kosa ; somary ; mody ; tena ; toa ; tsy maintsy ; mbola ; mba ;**

Marihina fa ny matoanteny fototeny sasany dia azo ampiasaina ho mpanampy

**Fanamarihana:**

Mety hifangaro ny matoanteny fototeny sy ny mpanampy EM toy ny ***avy, tonga, lasa***.

Oh : Avy ny orana. / Avy nilalao i Lita.

EM mtt L mpp EM L

Tonga i Neny / Tonga mpanankarena aho.

EM mtt L mpp EM L

Mitovy ny hevitry ny "**tonga**" sy ny "**lasa**" raha mpanampy; fa mifanohitra kosa raha matoanteny fototeny.

Misy koa ny mpanampy afaka manao laha-droa

**Tokony mba, tokony mbola, efa dia, mba tsy**…

Oh: **Efa diva** hilentika ny masoandro

**Tokony mbola** hianatra ny mazoto.

-